Ny Valosoa sy hadihady

Fiainan-dRamalagasy: mikorontana ny fiainana ara-tsosialy satria tsy am-piheverana sy tsy voalanjalanja ny fampanantenana

Aza sendra ny patsa iray tsy omby vava ihany hoy ny fitenenana. Tsy misy zavatra tongatonga ho azy izany anefa fa misy toe-javatra, na fepetra manampy amin'ny fahatanterahan'ny tranga iray. Araka izany ny lozam-pifamoivoizana iray dia tonga na noho ny tsy fitandreman'ny mpamily, na noho ny tsy tsy fahatomombanana ara-mekanika. Mety ho tsy fitandreman'izay niharam-boina ihany koa. Tahaka izany ihany koa ny fiainam-pirenena, eo amin'ny lafiny politika sy sosialy ary toekarena. Matoa mikorontana toy izao ny fiainana ara-tsosialy dia ao ny antony ary voalohany amin'izany ny fampanantenana sy fanomezan-toky tsy am-piheverana sy tsy voalanjalanja. Anisan'ny fampanantenana nataon'izao fitondrana izao ny fanorenenana trano mora hanalefahana ny vesatry ny fanofana trano, indrindra an-tanàn-dehibe. Iaraha-mahalala fa nanomboka na hanomboka tsy ho ela izany eny Ivato. Tsy mbola misy zavatra miainga anefa fa toa ny fanavaozana ny kianjaben'i Mahamasina no nihazakazahana izay tsy hisy fiantraikany velively amin'ny fahasahiranan'ny mponina eto an-drenivohitra ny fahavitany. Ny zava-misy anefa dia mandidy alohan'Andriamanitra ny mpitondra, ka asehon'ilay Mpahary izao tontolo izao, fa tsy izany no laharampamehana, ka rava ireo "tribunes" telo dia miato ny asa satria mihitsoka any amin'ny firenena nitrangan'ny otrikaretina "coronavirus" ny fitaovana sy akora hoentina manangana ny fotodrafitrasa. Tsy ho tontosa ao anatin'ny fepotoana nomena izany ny asa ka aiza no hanaovana ny matso amin'ny 26 jona 2020. Angamba kosa halefa eto Madagasikara ireo teknisiana sinoa nanao ilay hopitaly goavana natsangana hitsaboana ireo tratry ny otrikaretina tao anatin'ny folo andro monja. Tsy hisy anefa izany satria fitaovana aza tsy mahazo hampidirina eto ka vao mainka olona. Mirongatra izay tsy izy ny tsy fandriampahalemana. Torak'izany koa ny kianja mitafo ao Mahajanga izay efa noravana ihany koa kanefa dia mihantona ny asa, noho ny antony ara-bola hono. Vono olona atsy, fanafihana mitam-piadiana aroa, halatr'omby any amin'ny tany lavitr'andriana any. Azo lazaina fa manao ezaka ny mpitandro ny filaminana saingy misy lesoka eo amin'ny fanatanterahana ny asa, ka anisan'izany risika (motivation) omena azy ireo, ny fiarovan-tena satria azo lazaina fa manao vy very ny ainy izy ireo amin'izany. Mila famakafakana sy fototr'izao toe-javatra izao satria rehefa tsy ampy izany dia sarotra ny mahita ny vahaolana. Amin'ny ankapobeny dia noho ny tsy fisian'ny asa na ny fahaverezana asa. Raha ny zaza-misy anefa dia misy orinasa nakatona noho ny antony tsy mazava, ny PMU ohatra. Ny figiazana ny entan'ny Hotel lehibe A&C eny Ivato, izay hampitombo isa ny tsy an'asa indray, kaay hiteraka olana ara-piarahamonina. Ny tena olana goavana mitranga eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao dia ny disadisa ara-politika, ka anisan'izany ny disadisa anatiny eo anivon'ireo andrim-panjakana isan-tokony. Tsy tongatonga ho azy ny fanambaran'ny filoha lefitry ny Vaomiera mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI), momba ireo karapanondrom-pirenena an-tapitrisa mitondra laharana mitovy. Heverina fa misy antony izany ary azo inoana fa nisy tsindry politika tao. Araka ny vaovao dia nisy nandrahona ity tomponandraikim-panjakana ity, ka na tiana na tsy tiana dia manana endrika politika izao tranga izao. Mazava ho azy koa anefa fa misy tanjona tian'ireny olona manana andraikitra ambony ireny hahatongavana matoa izy manao hetsika iray. Fifidianana no nampiasana ireo karapanondro an-tapitrisany ireo, ka mazava ho azy fa izay olona nomena azy ireny dia tsy maintsy nandatsa-bato ho an'izay kandidà tsy maintsy natao izay nahalany azy. Tsy takona hafenina intsony fa miteraka savorovoro eo anivon'ny politisiana gasy iny toe-javatra iny. Manao fanambarana ny antoko politika ary mangataka ny hisamborana ireo heverina fa fototr'izany fahotana mahafaty izany. Hafanafana indray ny toe-draharaha politika ato ho ato satria azo heverina fa tsy hipetrapotsiny izay mihevitra ny tenany ho niharan'ny tsy rariny.

Andry Tsiavalona

Hosoka tamin'ny lisi-pifidianana

Andrasana ny fanambaran'ny HCC sy ny HCJ hoy Pr Harimalala Joseph

Miha-mafanafana hatrany ny tontolo politika eto Madagasikara tato ho ato izao ary mbola tsy miova amin'ny fanaovana politikan'ny jiolahim-boto hatrany, izay nahazatra azy tamin'ny fotoanan'ny Tetezamita ny mpitondra ankehitriny. Miverina indray mantsy ny fanaovana valifaty politika toy ny tamin' ny fotoanan'ny tetezamita, ka iharan'ny izany ireo tompon'andraikitra nandritra ny fitondrana HVM teo aloha. Isan'ny resaka nitana ny sain'ny mpanara-baovao indray mantsy ny resaka IST tato ho ato raha toa ka « Notam » no nalaza tamin' ny fotoanan'ny tetezamita, ka tsy nahafahan'ny filoha Ravalomanana niditra an'i Madagasika tamin'izany, saingy izao indray dia olona maromaro indray no tsy mahazo mivoaka an'i Madagasikara. Ho an'i Pr Harimalala Joseph dia voaporofo indray ny tsy fahitan'ity Fanjakana ity vaha olana amin'ny zavamitranga eto amin'ny firenena satria dia ny fomba fanaony ihany no ataony fa tsy misy zava-baovao. Tsy mahafantatra afa tsy « Notam » sy « IST » ve ny fitondrana? Raha ity resaka malaza amin'ny fitondrana izao ity mantsy dia izay olona atahorana mafy dia tsy avela hivoaka an'i Madagasikara, toa ny Tale jeneralin'ny Cnaps teo aloha, ny tompona hotely teny Ivato, ny filohan'ny filankevitra monisipaly tao Antananarivo ary Andriamatoa Ny Rado Rafalimanana. Raha ireo olona ireo dia voaporofo ny filazana, fa ambadika politika avy hatrany no ataon'ny fitondrana mahefa, satria raha nihevitra ny hanasoa ny vahoaka no nahatongavan'Andriamatoa Ny Rado Rafalimanana dia fampihorohoroana sy tsy fahafahana hivoaka an'i Madagasikara no valiny. Antso avo araka izany no atao amin'ireo mpitondra fanjakana mba handinika tsara, fa sao mihevitra anareo ho madio Tanana hianareo sy tsy misy pentina izy ireo, ka tsy mihevitra ny valin'ny ataony amin'izy ireo ihany, sa hihevitra ho eo mandrakizay? Aza adino anefa hoy ity mpandinika ity fa tsy misy ny lavorary fa samy mpanota avokoa isika rehetra, ka tsy tokony hifanenjika toa izao, fa tokony haneho fanetren-tena aza. Izao mantsy no voasoratra ao amin'ny Ohabolana 18:12 manao hoe: "Ny fireharehan'ny fon'ny olona, mialoha ny fahasimbana; fa ny fanetren-tena kosa mialoha ny voninahitra". Ankoatra izay ihany koa dia voaporofo eran'izao tontolo izao fa tia manao an-keriny ireto mpitondra tarihin'ny filoham-pirenena ireto satria efa hatramin'ny taona 2009 izy ireo no nanao an-keriny ny fahefana teo ampelatanan'ny filoha Marc Ravalomanana, nohon'ny fitiavam-bola sy voninahitra tamin'izany ary izao dia nivoaka indray ny porofo sy ny vaky batsilana mikasika ny voka-pifidianana rehetra farany teo, raha ny nambaran'ny teo anivon'ny CENI, ary dia andrasana ny fanamafisana sy fanazavana avy eny anivon' ny HCC, nankatoa ireny voka-pifidianana ireny, ary ho hita izay havoakan'ny eo anivon'ny fitsarana avo na ny HCJ izany. Ankoatra izay dia nibaribary indray ny fandrombana ny entan'ny A&C Ivato izay nahorona sy nolazaina fa hatao lavanty, kanefa ny tompony aza tsy nampahafantarina izany. Hafatra ho anareo mpitondra ity tenin'Andriamanitra ao amin'ny Hosea 4: 1-2 ma-nao hoe: "Mihainoa ny tenin'i Jehovah hianareo zanak'Israely! Fa Jehovah manana ady amin'ny mponina amin'ny tany, satria tsy misy fahamarina-na na fitiavana, na faha- lalana an'Andriamanitra eo amin'ny tany, fa tsy fianianana sy lainga sy vonoan'olona sy halatra sy sy fijaganjagana kosa. Eny manao an-keriny izy, ka mifanotona ny fandatsahan-drà". Koa mangataka aminareo mpitondra fanjakana ankehitriny mba hiverina amin' Andriamanitra, ka hampitsahatra tanteraka ireo vonoan'olo-na sy ny halatra ary ny tsy fitiavana, satria toa resaka fotsiny ilay hoe: "ny fitiavana no lehibe indrindra". Tsy hoe fitsarana be fahatany kosa hoy ity mpandinika ity fa fampitana kosa ny hafatr'Andriamanitra, araka ny ambaran'i Lioka 6:37 sy ny ao amin'ny 41 manao hoe: "Aza mitsara dia tsy hotsaraina hianareo, aza manameloka dia tsy hohelo- hina hianareo; ary naho-ana hianareo no mijery ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao, nefa ny andry izao eo amin' ny masonao dia tsy mba tsaroanao akory? " Araka izany dia tokony tsy hanao tsinontsinpona ny hafatr' Andriamanitra ny mpitondra, mba tsy hiseho amin' ny mpitondra ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Lioka 6:49. Fa ankoatra ireo rehetra ireo dia efa niaraha-nahalala ankehitriny ny halatra bevata niseho tamin'ny fifidianana filoham-pirenena, izay manamarina ny tenin'ny filoha Marc Ravalomanana hatramin'izay nilaza hatrany fa: "Ny marina, marina hatrany, ary tsy main- tsy miseho ny marina", dia io izy fa navoakan'ny CENI ny halabato Bevata niseho tamin' ny fifidianana farany rehetra ireny, izay nandaniana ny kandidam-panjakana, koa dia andrasana izay havoakan'ny HCC sy ny HCJ raha sahy hanenjika izay fototry ireo olona goavana ireo ny fanjakana sy ny mpomba azy naa tsia, fa misy ny lalàna dia tokony hampiharina izany raha tena lehilahy tokoa ny mpitondra.

Lezama

TONONKALO

HO ANAREO ENY AMIN` NY AVO

(ATOLOTRA HO FAMPAHEREZANA IREO MPANAO GAZETY REHETRA TRATRY NY TSINDRY)

Te hipetraka amin`ny avo hiandraikitra ny serasera
Nefa hay tsy mahatanty nony tratry ny tsikera ?
Dia marary fo hatrany sy misento ny ao anaty,
Hany ka tsy manan-kevitra afa-tsy ny hamaly faty ?

Te hipetraka amin`ny avo mba ho lohany hotahafina,
Nefa hafahafa toetra , (tena maha-te hiafina ?)
Na ny fomba na fiteny , mampisento ny mpitazana.
(Ireny angamba ilay mahay kanefa tsy ampy fanabeazana !)

Dia ny hafa no tebahina ho "miteniteny foana",
Saingy "ny arina eny an-tava" , toa hadino , tsy tsaroana ?
Izany ve no olo-mendrika , izany ve no ho modely ?
Sao dia manaratsy endrika ny ekipan-dry boaikely !

Moa hadino ny tantara sa niniana nofafàna,
Fony ilay `nareo tsy mbola tao anaty fitondrana,
Ka nampiaka-peo matetika vokatry ny fo mandroatra,
Avy eo anefa dia nifona noho ilay vava tafahoatra ?

Tamin`ireny raha nitranga ireo karazan-disadisa,
Nisy ve ny fandoavana volabe an-tapitrisa ?
Moa `zahay no efa tranainy sy tsy mahatsiaro intsony,
Sa `nareo no manadino nony lasana eny ambony ?

… Raha mipetraka amin`ny avo , mba fanteno izay havoaka,
Fa mihaino , mitsikera hatrany hatrany ny vahoaka.
Andeha amboary ny fiteny sy ny fomba amam-panao
Fa sao mirefarefa loatra sy tsy misy kalitao !

DADAN`i ZINA (01-03-20)

NY VALOSOA Gazety misoho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00